RMDM Diaspora 3
Tsy rariny intsony ny zava-miseho aty Madagasikara

Fitantanam-pirenena tsy mahomby 2
Tsy andraikitra olona iray na roa ihany


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 15 jolay 2021 Laharana 1185 Vidiny : 400 Ar


POLITIKA 2
Tsy heno intsony ny rafitra ifotony nolazain-dRajoelina


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Fikaonan-doha nasionaly 2

## Havondrona ny mpanohitra rehetra, hoy Ravalo



Renin'i Berija 4

## Mitalaho amin'ny fitondrana ny hamoahana an'i Berija



Fanadinam-panjakana bakalôrea 3

## Misy tsy filaminana ny fikirakirana « convocation »



Raikely tsy vanona 6

## Nanolana nahafaty zana-badiny vavikely 8 taona



Orinasa Jirama 6
Tsy handefitra amin'ireo manimba ny foto-drafitrasany

Jono langoustes Fort-Dauphin 7
7 volana tsy nahazo karama ny mpiasan'ny URL

Daka kely
Tsy tafa intsony ialahy ry Boaikely fa pataloha rovitra mbola tadiavin'ialahy zairina nefa mitana fanjaitra aza tsy hain'ialahy a !

FIKAONAN-DOHA NASIONALY

# Havondrona ny mpanohitra rehetra, hoy Ravalo

Hisy ny fikaonan-doha nasionaly manoloana tsy fetezan-draharaha eto amin'ny firenena, hoy ny filohan'ny mpanohitra RMDM, Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ireo lohandohan'ny mpisorona ao anivon'ity vovonamben'ny mpanohitra ity ny talata teo, tetsy Bel'Air Ampandrana.

Ho avy ny fikaonandoha nasionaly ho tanterahin' ny mpanohitra manerana an'i Madagasikara, manoloana ny tsy fetezan-draharaha eto amin'ny firenena.

Nifampiantso tamin'ireo namana sy mpitolona any amin'ny faritra ny filohan'ny mpanohitra, Marc Ravalomanana. Ho atao, hoy izy izay hampahafantarana ny olon-drehetra ary hatao izay hanazavana amin'ny olon-drehetra amin'ny antsipiriany, fa ao anaty krizy maro sosona isika eto Madagasikara, ary tsy hijery fotsiny ny tsy fanajan'ireo tomponandraikitra ny lalàna velona sy lalàna fototra misy eto amin'ny firenena ny mpanohitra rehetra tsy ankanavaka.



*Ny filoha Marc Ravalomanana tetsy Bel'Air Ampandrana ny talata teo.*

Handray anjara amin'izany: ireo antoko politika rehetra manerana an'i Madagasikara, ny RMDM, ny sendika, ireo mpanao gazety, ireo vondron'olona tsy manaiky ny fitantanana ny firenena amin' izao fotoana izao, ny firaisamonimpirenena ary ny olompirenena izay tsy mitovy hevitra sy mahatsapa, fa voahitsakitsaka ny zo aman-kasiny.

Ny fomba hanatanterahana izany dia hatao matipaika tsara. Hisy ny fivoriambe hitambarambe, hisy ny fotoana hahafahana midinika manokana. Hisy ny fananganana vaomiera isan-karazany:

– Politika: izay handinika manokana momba ny tsy fisian'ny demokrasia, ny didy jadona ary ny fanaovana ramatahora (intimidation), ny tsy fanajana: ny fahalalahana fototra, fahalalahana maneho hevitra, fahalalahana manao fivoriana ankalamanjana, fahalalahan'ny mpanao gazety.

–Sosialy sy ara-teokarena, handinika momba ny fahantrana lalina mianjady amin'ny vahoaka, ny fiakaran'ny vidin'entana, ny kere any Atsimo, sy ny fampianarana ary ny tsy fahampiana ara-tsakafo, ny momba ny JIRAMA manokana, ny tsy fisian' ny asa

– Fitantanana ny raharaham-panjakana: handinika momba ny fisaraham-pahefana eo amin'ny mpanatanteraka, ny mpanao lalàna ary ny mpitsara izay tsy voahaja araka ny Lalampanorenana, ny tsy fisian'ny firenena tsara tantana, ny tsy fijerena ny laharampahamehan'ny vahoaka, miaraka amin'ny antokompinoana toy ny FFKM, sy ireo mpandinika ny feombahoaka.

– Fitsaràna: handinika momba ny fanitsakitsahana ny Lalampanorenana, ny lalàna mifehy ny fanoherana sy ny antoko mpanohitra, ny fitsaràna tsy mahaleo tena.

– Fandriampahalemana: handinika momba ny tena ataon'ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao, ny andraikitr'izy ireo, ny fandriampahalemana eny ambanivohitra sy an-drenivohitra, ny fandrindrana ny fitaovana entina miasa sy ny vola enti-manana.

**Ny Valosoa**

Depiote Fidèle Razara Pierre

# Nanome dabilio trano fianarana amin'ny kaominina 5 tany Ambatondrazaka

Nanatanteraka hetsika ara-tsosialy tany amin'ny distrikan' Ambatondrazaka, any amin'ny faritra Alaotra Mangoro, ny depiote voafidy tany an-toerana, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Fidèle Razara Pierre. Trano fianarana maro tsy manana dabilio amin'ny Kaominina miisa 5 ao amin'ny Distrikan' Ambatondrazaka no nisitraka dabilio avy amin'ity Solombavambahoakan'i Madagasikara ity.

Ny tohana ara-bola ho an'ny fampandrosoana, izay mitentina 84 tapitrisa ariary, no nampiasaina hividianana ireo dabilio, izay hotsinjaraina amin' ireo Kaominina miisa 22 mandrafitra ny distrikan' Ambatondrazaka. Maro ireo trano sekoly tsy misy dabilio, na tsizarizary ny dabilio amin'izany sekoly izany, no nahatonga ity olom-boafidy ity hanome ireo kojakoja amin'ny tra-no sekoly ireo.

**Niaina**



*Ny depiote Fidèle Razara Pierre (faha-2 avy ankavanana), nanome dabilio trano sekoly tany Ambatondrazaka.*

POLITIKA

# Tsy heno intsony ny rafitra ifotony nolazain-dRajoelina

Tsy misy heno intsony ireo rafitra ifotony napetrak'i Andry Rajoelina amin' izao fotoana izao, natao tato anatin'ny herintaona ho fitsinjovana ny sosialim-bahoaka. Anisan'izany, ohatra, ireo komity loharano. Aiza izy ireo amin'izao fotoana izao? Tsy ahenoina azy ireo intsony amin'izao fotoana izao, indrindra tsy mbola mifarana ny krizy ara-pahasalamana, ary mbola tsy fantatra izay ho tohiny. Ny fitondrana Rajoelina dia mpanao petapetatoko amin'ny fametrahana rafitra eny ifotony. Iray amin'izany io komity loharano io, izay tsy nahitan'ny mponina manontolo tombontsoa, fa nanavakavaka amina loko politika fotsiny ihany ary zary nampisara-bazana ny firaisankinam-bahoaka eny anivon'ny fokontany maro samihafa. Tsy voadinika akaiky araka izany ireo olona ho mpikambana ao anatiny, hany ka namoadoza ny fiaraha-monina. Hadisoana bevava izany n'inona fanazavana avy amin'ny fitondrana na inona. Tsy fahaiza-mitondra firenena izany.

Andrianampoinimerina tamin'ny fotoana nanjakany dia tena nahay nifehy io fiaraha-monina tantaniny io. Hainy ny fitsinjarampahefana. Mazava loatra, ambakan'izany izao fitondrana ankehitriny, izay miseho ho avara-pianarana be diplaoma sy mampiasa ny teknolojia moderina izao. Tsy voafehin' izao fitondrana ankehitriny izao, ny zava-misy eo anivon'ny fiaraha-monina iainam-bahoaka andro aman'alina. Anisan'ny porofon'izany, ny Governora any atsimon'ny Nosy, izay tsy mahalala fa misy mponina mihinana hoditra, atao kiraro, mba hahafahany mivelona isan'andro ao aminy. Niaka-peo avy hatrany ity Governora ity raha vao nivoaka ny fampitam-baovao misy any an-toerana. Lesoka lehibe eo amin'ny fitondrana Rajoelina izany. Tsy mahalala ny zava-misy marina iainan'ny mponina ao aminy, fa variana migalabona amin'ny fandraisana karama be iadanana. Tsy fahombiazana izany.

Fa tsy mbola milamina ny tontolo politika eto amin' ny firenena amin'izao fotoana izao. Ny eo anivon' ny fitondrana dia mihevitra fa mandeha ny asany. Izany hoe minia mikimpy eo anoloan'ny olana maro samihafa mampitebateba ny olom-pirenena izao fitondrana izao. Hatrany amin'ny fiarahamonim-pirenena anefa io fanakianana sy tabataba io. Raha tsy misy fihetsiky ataon'ny fitondrana, dia manampin-tsofina izany izy ireo amin'izao fotoana izao. Aoka tsy ho lany andro araka izany ny mpitsikera sy mpanakiana, fa handray fanapahan-kevitra sy fomba fijery hafa. Ho leo azy ireo koa ny vahoaka raha tsy mahay izany izy ireo.

**Sôh'son**

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Fitantanam-pirenena tsy mahomby: tsy andraikitra olona iray na roa ihany

Efa tapa-pe-potoana amin'ny nitondrany i Andry Rajoelina sy ekipany miara-dia aminy ity, tsy mbola miaiky sy miàla tsiny amin'ny vahoaka fa tsy nahomby ny asany. Tsy lavina, misy ny asa nataony, fa toy ny mpianatra any an-dakilasy ihany, manao fanadinana fa 5 amin'ny 20 ny naotiny. Nanoratra, namaly ny fanontaniana tamin'ny laza adina, fa tsy nahafapo ny mpitsara fanadinana. Dia toy izany izao fitondrana izao sy ny asa nataony. Ho an'ny vahoaka, ny ao am-bilaniny, ny kitapom-bolany, ny sakafony, ny fahasalamany, ny fianaranan-janany, ny trano fonenany, ny fihariany sy ny fivelomany, ny filaminany, no tadiaviny ho vahan'ny fitondrana ao anaty fotoana haingana voafaritra, ireo no laza adina mila valiny maika sy mazava. Tsy hita soritra mazava anefa ny fivahan'ireo hatreto, tao anatin'izay fe-potoana izay, na dia nampanantena tsy nisy toy izany aza tany am-piandohana.

Mahakasika ministera maromaro tomponandraikitra, ireo sehatra tsy voavaha ireo. Volabe no nanakaraman'ny vahoaka azy ireo. Raha any amin'ny orinasa tsy miankina efa ela no noesorina tamin'ny andraikiny ny tomponandraikitra voalohany misahana izany. Raha tany amin'ny firenena mandroso ihany koa dia efa nahay nahatsapa sy nanàla tena ny misahana ny andraikitra mahaory ny vahoaka ireo. Eto amin'ny firenena anefa, asa izay hiheverany ny vahoaka sy ity firenena ity? Miaina anaty fahasahiranana sy fahantrana lalina ny vahoaka ankehitriny, ary mbola hihamafy kokoa izany ato ho ato. Tsy misy vahaolana aroso entina hamahana na hanamaivanana izany ny fitondrana mandraka ankehitriny. Tsy ireo ampahan'olona na vahoaka iangarana tolorana tombontsoa kely no isehoana sy ilazana fa manao ny fitondrana. Tsy ampahana vahoaka kely no nifanarahana ho tantanin'izao fitondrana izao sy hotsinjoviny, fa ny Malagasy iray manontolo, izay samy manana ny fahasahiranany avokoa, esorina ao anatin'izay ireo olom-bitsy mpanefoefo mahazo tombontsoa amin'izao fitondrana izao. Rehefa tsy vita izany, dia azo tsorina fa tsy nahomby ny asa nataon'ny fitondrana.

Tsy ireo minisitra tsy mahomby ihany no tokony halàna eo amin'ny toerany, fa ireo rehetra tomponandraiki-panjakana rehetra tsy ankanavaka, mitàna andraikitra sy fahefana isan'ambaratongany, izay misy fiantraikany amin'ny fiainam-bahoaka ny asa ataony. Tsy andraikitra mpilalao iray eny an-kianja ny tsy fahombiazana sy ny faharesena, fa voakasik'izany ireo mpilalao miaraka aminy hatrany amin'ny mpanazatra sy ny tomponandraikitra rehetra. Raha mbola mpilalao iray na roa no esorina, fa ny ankoatra izay tsy hisy hiova, dia hitohy hatrany ny tsy fahombiazana ary tsy tokony hanantena vokatra tsara ny mpanohana azy. Toy izany no niseho teo amin'ny fitantanam-pirenena tao anatin'izay fotoana niasan'ny fitondrana izao izay. Lalaovina hatrany ny vahoaka amin'ny fanaovana zavatra hanampena-maso sy hanarian-dia azy tsy hahatsapa marina, fa mihitsoka ny fivoaram-piainany, ary ilaozan'ny firenen-kafa ny fireneny amin'ny fandrosoana.

**Sôh'son**

Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

# Tsy araka ny anarana isalorany sy ny foto-keviny no hita

Tsy araka ny anarany isalorany sy ireharehany hoe lamasinina haingam-pandeha (TGV) ny zavatra hita ankehitriny, fa na ny fandehan'ny sokatra aza mbola mety haharesy azy. Porofo maneho izay ny tsy fivahan'ny olan'ireo sokajin'olona manao hetsika fitakiana ao anaty fotoana fohy sy haingana, na ihany koa ny fisorohana ny tsy ipoiran'ireny tranga maro samihafa ireny. Iray amin'izany, ohatra, raha tsy nanao hetsika fitokonana ireo mpitatitra amin'ny fiara vaventy tany atsinanana momba ny làlana simba amin'ny lalam-pirenena faha-2 iny, izay vao mody mihetsika manao fanamboarana izany ny fitondrana. Efa mikorontana ny mpianatra teny amin'ny Anjerimanontolo tamin'ny faritra rehetra, nitaky ny vatsim-pianarany sy ny fanampin'izany, izay vao mihazakazaka mamaha, hatrany amin'ingahy filohan'ny Repoblika mihitsy no miseho milaza fa handinika akaiky ny raharaha. Ary ela izany famahana olona izany vao vita, mbola nisy mpianatra namoy ny ainy aza tao anatin'izany. Asa izay mba vahaolana setrin'ireny raha mba nisy ho an'ny fianakaviany nataon'ny fitondrana. Raha tsy hilaza afa-tsy izao farany izao, dia ny hetsika fitakiana ny karaman'ireo niasa tamin'ny CTC-19, izay tsy azo tao anaty efa-bolana. Nitabatabana mihitsy ny fiantsoana ireo vaovao izay vonon-kiasa tamin'izay, hiantsehatra hiatrika ny andiany faharoa amin'ny valanaretina covid-19. Nisy mihitsy aza ny voambolana hoe "izay tsara sitrapo" no nantsoina ary homena karama sy tombontsoa manokana. Tsikaritra tamin'izay, fa niendrika fanilihana ireo paramedy, tsy sasatra mitaky ny zony, na fanampempoana azy ireo mihitsy aza no natao tamin'izany. Ankehitriny, ireo noraisina, fa "tsara sitrapo", azon'ny "diamanga", amin'ny fandririrana ny karamany. Manao ahoana raha ny filohan'ny Repoblika sy ny Praiministra, ireo minisitra rehetra, ireo depiote sy loholona, ny eny amin'ny Hcc, ireo tomponandraiki-panjakana ambony no tsy omena karama ao anaty efa-bolana na mihoatra an'izay aza? Rehefa mpiasa aty amin'ny sampan-draharaha ambany toy izany ve, ao anatin'izany ny mpiasan'ny orinasa Kraoma sy ny hafa, efa hisy aman-taonany ny an'ny sasany tsy mandray karama, no atao an'izany?

**Ireo Nosy Malagasy**

Ity fitondrana Rajoelina ity tsy mba antenaina hahavaha olana ao anaty fotoana fohy tadiavin'ny vahoaka. Na ny nampanantenainy koa aza toy izany ihany. Iray lehibe amin'izany, fa tsy sahiny resahina be ny momba ny fitakiana ireo Nosy Malagasy amin'ny fitondrana frantsay. Efa ho herintaona mahery izao no nidedahana fa ho tafaverina amintsika Malagasy ireo Nosy ireo. Iaraha-mahita ny amin'izany. Efa manomboka manorim-paka mihitsy amin'ireo Nosy ireo, toy ny ao amin'ny Nosy Sambatra ry zareo Frantsay amin'izao fotoana izao. Ny hetsika ataon'ny fitondrana anefa tsy hita soritra be ihany. Raha nahavita dingana folo ny fitondrana amin'izay fiorenampaka ao amin'ireo Nosy ireo izay, ny fitondrana Malagasy kosa zara raha nahavita roa amin'ny asa soratra an-taratasy eto an-toerana. Toy izany ny kisarisary azo anoharana ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Tsy hita izay maha haingam-pandeha izao fitondrana izao amin'ny asa ataony amin'izany. Ny fikambanana hafa no zary lasa saropiaro sy sahiran-tsaina manoloana izany rehetra izany, toy ny Otrikafo sy ny Fikambanana A.N.M. misy ny profesora James Ratsima. Soa ihany aloha fa misy ireny fikambanana sy olona ireny miady amin'izany, fa raha tsy niteny angamba ireo teto, fa niandrasana ny fitondrana niseho ho babany noho ny hafa, sasara-ko hariva ny andro.

**Ny sehatr'asa**

Ny iray lehibe andrasan'ny maro amin'izao fitondrana Rajoelina izao, dia ny momba ny asa. Dedaka ery i Andry Rajoelina nilaza, rehefa nisy ny fanakianana samihafa avy etsy sy eroa, ny amin'ny fanomezana "haranjono fa tsy trondro" amin'izay. Mitombo andro aman'alina, mihazakazaka isam-bolana sy isantaona, ny isan'ireo tsy manana asa, ny very asa, ny vaovao miditra eo amin'ny tsenan'asa eto amin'ny firenena. Io no fositra iray lehibe mampahantra ny vahoaka sy ny firenena. Tsy manana vahaolana maika momba izany izao fitondrana izao. Milalao tanana fotsiny sisa no ataony, satria eo ny tsy fananana traikefa sy fahaizana mamaha izany. Io tsy vitan'ny hoe, olona iray na roa na folo na zato, eny na fikambanana iray na roa no nokarakarain'ny fitondrana notolorana asa, dia hoe efa mamaha olana ny fitondrana. Tsia, ny olom-pirenena tratry ny olana amin'io sehatr'asa io dia efa aman'hetsiny isan-taona, ary nanomboka hatramin'ny taona 2009-2010 nanakorontanana ny firenena sy nanonganam-panjakana teto, ary mandraka ankehitriny izany toe-javatra izany. Tao anatin'izay taona maro izay, efa nisy ny dimy taona tamin'ny tetezamita, ary izao roa taona sy tapany nitondrana, fa niadam-pamindra tsy araka ny anarana nisalorany ny famahany ny olana momba ny vahoaka amin'izay asa izay. Ho an'ireo efa miasa aza mbola mahita olana ihany, toy ny any amin'ireo orinasa afak'haba maro. Tsy misy fiarovana amin'ny asa ny mpiasa Malagasy. Be ny teny tiana ambara, fa raha fehezina izao fitondrana Rajoelina izao, dia mby amin'ilay fitenenana hoe:" mpitsabo aorian'ny fahafatesana", mazava ny dikan-teny, amin'ny olana ilàn'ny vahoaka vahaolana maika. Tsy maintsy mbola hisy ireo sokajin'olona hafa hipoitra hilaza ny manjo azy sy hanao fitakiana. Ity fitondrana ity mantsy dia tsikaritra sy tsapa mandrakariva, fa tsy mba manana ny maso hijery lavitra hisorohana izay toe-javatra ho olana mety hipoitra eo amin'ny fiainam-bahoaka.

***Radafy***

RMDM Diaspora

# Tsy rariny intsony ny zava-miseho aty Madagasikara

Nanao fanambarana ny vovonamben'ny mpanohitra RMDM Diaspora any ivelany mahakasika ny raharaham-pirenena eto Madagasikara. Tsy rariny intsony ny zava-misy aty an-tanindrazana Madagasikara, hoy izy ireio. Taniwsaina amin'izany ny kere sy fandaniam-bola amin'ny werawera. Ny fanenjehana mpanao gazety; ny fampandosirana olona nanodinkodim-bolam-panjakana; ny fa- nagadrana olona amin'ny resaka politika; ny lainga sy fitaka ataon'ny mpitondra isa-minitra... Koa noho izany, ny GTT Réunion, Les Indignés de Madagascar sy ny mpikam- bana rehetra ao anatin'ny RMDM Réunion, dia handray anjara amin'ny fihaonana any Saint-Pierre La Réunion amin'ny Sabotsy 17 jolay ho avy izao. Iza-ny koa dia ho fiaraha-mi-entana amin'ny hetsika ataon'ny RMDM Diaspora maneran-tany. Fanazavana fanampiny, mikasika ny toerana hihaonana, afaka miantso ny 069277 39 27. Ho an'ny any Fran-tsa dia niova ho Place de la République ilay toerana hanaovan'izy ireo ny hetsika, fa tsy Trocadero, ny ora tsy miova, fa amin'ny 2 ora tolakandro ihany. Samy hitondra pancarte, banderole, sy sary fanehoana sy izay hitan'ny tsirairay, fa azony haneho- ana ny alahelony sy ny fahatezerany amin'ny zava-miseho aty Madagasikara izy ireo. Teny filamatr'izy ireo ny hoe:"mitsangana fa izao no ora" (time is now!).

***Nangonin'Isambilo***




TONONKALO

## FANOVANA HANAO AHOANA ?

Tsy mifampatoky intsony ny ao anaty fitondrana,
Ka dia tsy azo ihodivirana ny hisian`ny fanovana.
Saingy tena fanovana sa fanjairana ny rovitra ?
Asa fa ireo tompon-toerana, be no efa mihovitrovitra !

Ireo izay efa tsy nahomby, nampikaika ny vahoaka,
Dia tsy hay raha mbola haverina na dia tena ho voaroaka.
Raha ny zava-misy mantsy, ireo ilay mpila ranondranony,
Ary vaka ny filoha satria toy ny olona ao an-tranony !

Ka na inona tsy mety, ka na inona hadalany,
Dia mazàna tsy voakitika fa haverina eo ihany.
Izay no tena mahakivy, izay no tena mahonena,
Misy hatrany ny hena-maso nefa ain`ny firenena !

Ary iretsy vitsivitsy , tsy be teny fa mba miasa.
Ireny indray no ho voadaka, ireny indray ve no ho lasa?
Dia vao mainka ho raharaha fa dia tsy hisy zava-banona,
Raha ny tsy mahomby indray no hany sisa tafajanona !

…Dia ny ampitso no hanambara, dia ny ampitso no hilaza.
Ho voatana ihany ve ireo zatra ny mivazavaza
Sy ireo mihevitra ho mahery, zatra ny mihetraketraka,
Havanana amin`ny sinema fa efa tsy mahay mipetraka?

***DADAN`i RIANA (14-07-21)***

Fanadinam-panjakana bakalôrea

# Misy tsy filaminana ny fikirakirana « convocation »

Na tsy marobe aza, dia misy ireo tranga mampimenomenona na dia tsy afa-manoatra aza ireo mpiadina hiatrika fanadinana. Ireo mpiadina hiatrika ny fanadinam-panjakana bakalôrea no tena nahenoina izany.

Ny voalohany, dia nisy ireo fiantsoana na "convocation" ny mpiadina no naverin'ireo tompon'andraikitra any amin'izy ireo noho ny resaka adiresy. Amin'ny lafiny iray mety ho marina ihany ny fahamailoan'ny tomponandraikitra, kanefa, ny tsikaritra dia eo ny tsy fahaizan'izy ireo momba ny fifehezana ny adiresy na anaran-tanàna. Nilaza ny mpiadina iray, fa marina ny adiresy nataony, anaran-tanànany. Tsy mahay izay ireo tomponandraikitra mikarakara ny fiantsoana, fa nasaina namerina adiresy indray ilay mpiadina. Tena lesoka izany, satria lany fotoana ilay mpiadina, efa akaiky anefa ny fotoam-panadinana kanefa, mbo-la adalaina handany foto- ana hiakatra eny Ankatso indray hamerina hilaza mazava fa io no adiresiny. Tsy fahaizamiasa tsotra izao izany.

Teo indray niatrika fanadinana adina ara-panatanjahantena ny mpiadina. Vita ny fanadinana, misy indray nolazaina ho tsy vita fitomboka ireo avy nanao izany, ka mila miverina eny an-toerana nanaovana ny adina arapanatanjahantena, hasiana fitomboka ny taratasy fiantsoana na "convocation". Mandany fotoana ireo mpiadina izany ary tsy azo odian-tsy hita mandany vola ihany koa. Iaraha-mahalala anefa izao fotoana ankehitriny izao amin'ny fahasahiranan'ny ray aman-dreny. Miharihary mazava izany, fa misy tsy fandaminana sy ny tsy fahaizan'asa. Ny mpiadina aleo izy hifantoka amin'ny fianarany hahafahany fanadinana. Misy lesoka hatrany ny fikarakarana atao amin'ny mpiadina miatrika izao fotoam-panadinana bakalôrea izao hatreto, asa hanao ahoana ny manaraka? Voarebireby ny mpiadina amin'ny zavatra tsy fahaizana na tsy fitandremana avy amin'ny tompon'andraikitra. Efa tsy fotoan'izany intsony izao, raha ny fidehak'izao fitondrana izao, izay miseho ho manaraka ny fenitra sy tena mahay noho ireo fitondrana hafa teo alohany. Tokony hilamina tanteraka ny zavatra ataony amin'izao, indrindra taorian'iny lesoka goavana tamin'ny taona 2018 iny.

***Radafy***

VOVONAN'NY FIKAMBANAN'NY TANTSAHA

# Mitsipaka ny volavolan-dalàna momba ny fananantany vao nolanian'ny Parlemanta

Mitsipaka ny volavolan-dalàna momba ny fananantany vao nolanian'ny Parlemanta eto amintsika ny vovonan'ny fikambanan' ny tantsaha eto Madagasikara. Araka ny fanambarana nataony : nolanian' ny solombavambahoaka vitsy nanatrika, ny fivorian'ny Antenimierampirenena ny alarobia 30 jona momba ilay volavolan-dalàna laharana 024/2018. Noho izay antony izay, nanoratra izy ireo tamin' Andriamatoa Filohan'ny Repoblika sy ny mpikambana ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana (HCC), dia ny CPM, Réseau SOA, FVTM, FIFATA, KOLOHARENA, FEKRITAMA, nilaza ny heviny momba izany : manoloana ny fahalanian'ilay volavolan-dalàna teo anivon'ny Antenimierampirenena mahakasika ny tanin'olontsotra tsy vita titra ny alin'ny alarobia faha-30 Jona 2021 lasa teo, izahay Vovonan' ny fikambanan'ny tantsaha nasionaly miisa 06 : CPM, Réseau SOA, FVTM, FIFATA, KOLOHARENA, FEKRITAMA, amin' ny Faritra 22 izay misy eto Madagasikara, misolotena ny Fikambanana Tantsaha ifotony miisa 14912 sy fianakaviana mpamokatra miisa 529250 manerana ny Nosy ary misolotena ireo tantsaha mpamokatra maherin'ny 80% ny mponina eto Madagasikara dia, mitaky ny tsy hanozongozonana :

1-ny fotokevitra miorina eo ambonin'ny « fiheverana fa tompony ireo mipetraka amin'ny tany mbola tsy vita titra » (présomption de propriété privée).

2-ny fanomezana fahefana ny eny ifotony (ny andraikitry ny Ben'ny Tanàna, ny Raiamandreny, ny fiarahamonina, …) amin'ny fitantanana ny tany izay mihàtra amin'ny alalan'ny Birao Ifoton'ny Fananantany (BIF).

Mitaky :

3- ny fanatontosan'ny Fitondram-panjakana ny andraikiny amin'ny FANAJARIANA NY TANY ENY IFOTONY (lalana, tohodrano sy tambazotra fitarihan-drano, fotodrafitrasa fahasalamana sy fanabeazana, …), ahafahan' ny tantsaha mpamokatra, manao ny fanamaintisamolaly ny taniny.

4-ny fanatontosan'ny Fitondram-panjakana ny andraikiny amin'ny FAMETRAHANA NY FANDRIAMPAHALEMANA ENY IFOTONY, hahafahan'ny tantsaha mpamokatra manao ny fanamaintisamolaly ny taniny sy mamokatra am-pitoniana.

5- ny fametrahana politika mazava ho an'ny FAMPAHAZOANA TANY SY FITSINJARANA TANY, ho an' ny tantsaha mpamokatra, mba hahafahany mampitombo ny fihariana ataony.

NOHO IZANY DIA MANGATAKA IZAHAY NY TSY HANEKENA NY HAMPIHARANA IO LALANA VAOVAO MAHAKASIKA NY TANIN'OLON-TSOTRA TSY VITA TITRA IO, hoy ihany ny ao amin'ity vovonana ity.

***Stefa***

Renin'i Berija

# Mitalaho amin'ny fitondrana ny hamoahana an'i Berija

Nivahiny tao amina fahitalavitra tsy miankina iray ny Renin'i Berija: Elia Razafindrazafy tamin'ity herinandro ity. Avoahay Berija hoy izy, fa mba soa ihany no nataony ny filoha Rajoelina."Mba soa ihany no nataon'ny zanako anao Andriamatoa filoha Andry Rajoelina kanefa potehinao sy Lalatiana ny hoavin-janako. Resaka fitsikerana Cvo tao anaty tambazotra "facebook" ve no hamotehanareo ny fiainan-janako any amponja sy nampidirana anay fianakaviany "violon", resaka politika io fa tsy dia izay loatra raha ny tena marina. Efa nasain-dRamatoa Lalatiana nanao taratasy fifonana tany amin'ny sy ny filoha Andry rajoelina ny zanako, kanefa dia vao mainka nalentiny. Mba nanao ny tsara ihany iny zanako iny tamin'ny fanampiany anao Andriamatoa filoha ary anisan'ny nahazaoanao io toerana io, kanefa dia izao no valiny. 2009-2017 no niaraniasa io filoha io sy ny zanako tamin'ny resaka fandaminana ny grevin'ny "bourses" ary mbola niera taminy izy talohan'ny nahaliany ny antso nataon'ny fitondrana Hvm azy mahakasika ny fanitany ny fianarany ka nanjary niara-niasa. Tamin'ny fotoana nanaovan'ny zanako sorona ny tenany ny taona 2015 tany Tsiafahy ho an'io filoha io na "1 franc" azaa tsy azo taminy, nanaramana mpisolo vava, fa izahay no voatery nivarotra ny tanindrazanay. Tratran'ny tsindry ihany koa ireo ao amin'ny fitsarana manoloana ity raharaha ity, "publication" ve dia ampigadra 44 volana be izao, porofo izao fa ianareo no mibaiko ny fitsarana. Io zanako io, tsy nanondrana harem-pirenena tsy namono olona, tsy nangalatra, kanefa tsy mba nahazo ny "remise de peine" nataon'ny filoha farany teo. Tsy vitan'izany ihany ny fanapotehina nataon' ity minisitry ny serasera ity, fa efa nalainy baraka hatrao amin'ny radio free fm ihany koa, fa mpivaro-panahy sy tsy mahay teny frantsay ary mpanao kolikoly Berija ka "disqualifier" hatramin'ny fanadinana "inspecteur des douanes" nataony dia izao mbola nogadrainao 44 volana indray koa. Sarotra amin'ity fitondrana ity ve ny mifampiresaka na dia efa nitalaho sy nilela-paladia taminareo aza ny tenako dia tsy noraisinareo. Hanao ahoana ny hoavin'ity firenena ity raha atao sahala amin' izao avokoa ireo ankizy nahavita fianarana? », hoy ny Renin'i Berija mitalaho ny hamoahana ny zanany amin'ny fitondrana Rajoelina.

***Niaina***

Rallye Vakinankaratra 2021

# Ekipazy miisa 31 no handray fiaingana any Antsirabe

Ekipazy miisy 31 no handray fiaingana any Antsirabe amin'ny fifaninanana "Rallye Vakinankaratra 2021, " izay ho tontosaina any an-drenivohitr'i Vakinankaratra. Halaviran-dalana mirefy 235,58 km, ka ahitana ES, na dingana manokana miisa 14, mirefy 120 km no hifaninanana amin'izany. -1 (21) : Mika sy Fafah (Tmf- Tacs) hitondra Peugeot 206 T 16. -2 (22) : Faniry sy Ny Anjara (Tmf-Asacm) - Peugeot 206. -3 (11) : Freddy sy Jimmy R (Ama-Asacm) - Isuzu D-Max. -4 (26) : Jeffy sy Tsoupou (Fmmsam-Msa) – Peugeot 206. -5 (30) : Rado Kely sy Veveraben (Msa-Msa) – Cotroën Saxo. -6 (34) : Hanitra sy Nany (Acct-Acct) - Peugeot 306. -7 (24) : Maika sy Mann (Ama-Asacm) - Peugeot 205. -8 (9) : Tsito sy Tsiresy (Asacm-Asacm) – Mitsubishi Evo 9. -9 (23) : Aro Kiady sy Fanja (Asacm-Asacm) – Citroën C2 Vts. -10 (35) : Kevin sy Batso (Asa Tanà-Asa Tanà) - Peugeot 309. -11 (16) : Patrick sy Eric (Asacm-Asacm) – Subaru Impreza. -12 (7) : Jacques sy Mijoro(Asa Tanà-Asacm) - Mitsubishi Evo 7. -13 (72) : Anjabob sy Mirindra (Asa Tanà-Asa Tanà) – Land Rover Defender. -14 (36) : Yves Mau sy Alain (Asa Tanà-Asacm) – Citroën Ds 3. -15 (69) : Haja D sy Elvis D (Tmf-Tmf) – Musso Ssang Yong. -16 (25) : Teejay sy Mahents (Run Mada-Ascacm) – VW



*Santionana "Piste" any Vakinankaratra.*

Polo Tdi). -17 (37) : Boom sy Marc (Asacm-Asacm) – VW Mx I. -18 (2) : Ns sy Dorax (Fmmsam-Fmmsam) – Subaru. -19 (27) : Koloina sy Robbi (Fmmsam-Fmmsam) – Citroën Saxo. -20 (5) : Mathieu sy Petit (Asacm-Asacm) – Subaru Impreza. -21 (14) : Olivier sy Nath (Asacm-Asacm) – Citroën C2. -22 (1) : Rivo sy Ando (Fmmsam-Fmmsam) - Subaru Impreza. -23 (3) : Fred sy Mick (Asacm-Asacm) - Subaru Impreza Gd8. -24 (31) : Manntona sy Bambino (Asa Tanà-Asa Tanà) – Peugeot 106. -25 (252) : No Limit sy Patblock (110 As-Fmmsam) - Ford Ranger. -26 (32) : Damtah sy Eddy (Fmmsam-Fmmsam) - Peugeot 205. -27 (75) : Steno sy Alcazaria Jr (Fmmsam-Fmmsam) - Peugeot 106. -28 (20) : Hermann sy Herz (Tmf-Asa Tanà) – Citroën C2. -29 (4) : Tahina sy Ranto (Asacm-Asa Tanà) – Subaru Impreza. -30 (6) : Hasina sy Dinax (Fmmsam-Fmmsam) – Subru Gc8. -31 (44) : Little M sy Ipman (Srk-Srk) – Citroën Saxo.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Hena baolina saosy poivron** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara ihany koa raha hasiana lasary karaoty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Torohevitra mahasoa ho fisorohana ny goty



Torohevitra mahasoa ho fisorohana ny goty indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny toaka sy ny sakafo dia manana ny asany lehibe tokoa mahatonga fiakaran'ny tahan'ny acide urique( fitiliana goutte) amin'olona iray, ka mahatonga goutte na goty. Ny ethanol hita ao anaty alcool no mahatonga ny fiakaran'ny fiforonana acide urique, nefa tsy levona akory, ary ny labiera no zava-pisotro misy alcool mampiakatra acide urique indrindra. Raha ny sakafo indray dia ireo izay be proteine, tokony indray isan'andro no mihinana hena na trondro na atody na jambon ny olona iray, indrindra ireo matavy. Ankoatr'izay dia tsy tsara ny hena matavy, ny hena nasaly, ny taovan-kena, ny hazan-dranomasina toy ny saumon, ny sardine, ny amalona, ny laisoa, holatra ( champignon), épinards, ny cacao sy chocolat… ireo dia miteraka ity aretina ity koa.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antsiafabositra, distrikan'i Maevatanana, faritra Betsiboka

Ny tanànan'Antsiafabositra, distrikan'i Maevatanana, faritra Betsiboka indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antsiafabositra ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 18 mandrafitra ny distrikan'i Maevatanana. Any afovoan'ny faritra Betsiboka no misy azy, lalovan'ny lalampirenena faha-4 (RN4), lalovan'ny reniranon'i Betsiboka ihany koa. Azo lazaina ho efa avo toerana ihany izy satria 388 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy ny manga. Mpiompy omby ihany koa ny any Antsiafabositra.



## NY TENY FIAINANA

*"Izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao."*
***Jakoba 1:27***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Mpikambana ao amin'ny Ceni
## Mila havaozina, ka ho lavitry ny kolikoly




**Velo Ghislain:** mbola ilaina ve ny CENI? Fotoana tokony hiresahana izany amin'izao fotoana. Hifarana afaka telo volana eo ho eo ny fe-potoana fiasan'ireo mpikambana ao amin'ny CENI. Nahavita cycle électorale iray manontolo ity CENI ankehitriny ity. Ny sénatoriales 2015 tokoa no nokarakarainy voalohany ary ny sénatoriales 2020 no fifidianana nataony farany, raha tsy misy ny trangan-javatra tampoka. Nanao ahoana tokoa ary ny bilan ho an'ity rafitra mpikarakara ny fifidianana ity nandritra izany? Maro no hilaza hoe tsy nahomby fa nanjakan'ny hala-bato sy ny kolikoly. Tsy vitsy ihany koa no hilaza fa nahavita ny andraikitra nampanaovina azy izy, satria na dia teo aza ny kiana maro samihafa dia nahavita fifidianana tsy dia nisy korontana loatra izy, ka nahatazona ny filaminana sy ny fitoniana ara-politika ihany. Tsy dia nisy olona tamin'ny fifidianaana toy ny tamin'ny tona lasa. Ny fanontaniana mipetraka izao dia hoe mbola ilaina ve ity rafitra ity amin'ny ho avy. Tokony ho foanana ve sa hovaina ny firafiny? Enina taona tsy azo havaozina ny mandat ho an'ireo mpikambana, ho tapitra izy ity, ka mialoha ny hanaovazana ireo mpikambana dia tokony hisy tombana maro lafy ahitana ny tsara sy ny ratsy, ny mety sy ny tsy mety. Raha hikitika ny firafitra, na hanova ny rafitra na hanafoana azy dia izao no fotoana mety fa tsy hiandry herintaona mialohan'ny fifidianana ho avy indray. Tokony efa hisolo amin'ny oktobra any ho any ireo mpikambana, ka raha misy ny tokony hovaina, na hatsaraina dia tokony ho mandritra ny fivorian'ny parlemanta manaraka izao izany. Lalàna maro mantsy no mifampiankina amin'ity rafitra mpikarakara fifidianana izay etsy Alarobia ity...

**Oliva Hanitriniala Andriamanamahefa :** tokony hovaina tokoa ity Ceni nampanjaka ny resaka doublons ity.

**Manafo Morningstar :** Oliva Hanitriniala Andriamanamahefa isika moa izany dia tsy miteny intsony.

**Mamihery Ravelojaona :** rafitra tsy azo atokisana intsony io noho ireny resaka doublons ireny. Rafitra tsy mahaleo tena koa, satria ny rantsany any amin'ny fokontany, district, faritra dia olona notendren'ny mpitondra fanjakana, fa tsy mpiasan'ny Ceni. Ny firenena tan-dalàna sy manaja ny demo- krasia dia tsy mila an'izany Ceni izany.

**Tafita Toussaints Livarijaona :** mila kitihina ny Lalàna 2015-020, fa misy fomba fanendrena mpikambana tsy mety.

**Rivonala Razafison :** bonne question. La Ceni est une institution. En tant que telle, elle est appelée à évoluer selon le contexte. Comme les être vivants, une institution naît, grandit, vieillit et meurt. Misy voalohany, misy farany avokoa ny zava-drehetra, ho avy ny faran'ny Ceni, mpangala-bato, nanao doublons lisi-pifidianana sy kara-panondrom-pirenena. Ho tong ny fetra izao !

**Elie Randria :** on ne change pas les équipes qui font gagner. Raha ny fitondrana dia mety tsy hanova an'io izy, satria rafitra iray nahazoany fcitondrana noho ny hala-bato.

**Rason Bravis :** fanesorana ny fikononana fifidianana teo ambany mason'ny Fanjakana(ministeran'ny Atitany), no Antony namoronana an'io Ceni io nefa mbola tsy miala ihany NY hoe" mangala-bato"... Tsy hain'ny gasy mihintsy zany, miady amin'io halabato io vé? Amiko tsy voatery hisy ny halabato fa ny gasy no be ahiahy tafahoatra ...hatsarao NY rafitra dia avelao hisy Ceni ihany.

**William Randriamahaleo :** ny fifidianana dia raharaha iombonan'ny mpifaninana politika. Izay no tokony hojerena akaiky, raiketina antsipiriany an-dalàna ny maha-tompony tsy mangataka atiny ny mpifaninana rehetra, sy ny fahaoan' ny Olom-pirenena manara-maso ny fifidianana, manomboka any amin'ny fanisàna ny mpifidy, ka hatrany amin'ny famoahana ny vokatry ny fifidianana. Izay fandaminana hahatanterahana an'izay tsy maninona, na ho tazonina ny CENI, na haverina manontolo amin' ny Ministeran'ny Atitany ny resaka fifidianana.

**Alain Randriamamory :** betsaka ny azo ambara raha ny fifidianana nisy teto hatr@ nitsanganan'io rafitra io. Tena tonga tokoa ny fotoana handinihina lalina momba azy sy ny rafitra misy azy.

Mila fahatoniana, fahendrena, tena fitiavan-tanindrazana, fahaiza-manao ho an'ireo izay handinika sy hamolavola ny rafitra CENI vaovao...

### Tompon-daka nasionaly Basket-ball N1A

## Miditra amin'ny andro faha-5 anio ny fifaninanana

Miditra amin'ny andro faha-5 anio alakamisy 15 jolay 2021, ny fifaninanam-pirenena fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara taranja basikety baolina sokajy N1 A lahy sy vavy, tontosaina any Fianarantsoa. Kianja mitafon'Ambatomena, 08:30-H-Ajrt Androy # Copn Analamanga. 10:15-H-Sebam Boeny # As Fanalamanga Alaotra Mangoro. 12:00-H-Cosmos Diana # Cosfa Analamanga. 13:45-D-Assm Analamanga # Tamifa Amoron'i Mania. 15:30-H-Cospn 2 Atsinanana # Ascb Boeny. 17:15-H-Mb2All Analamanga # Ascut Atsinanana. Kianja ivelany Ambatomena, 09:00-D-Ankaratra Vakinankaratra # Mb2All Analamanga. 10:45-D-Jea Vakinankaratra # Fandrefiala Analamanga. 12:30-D-Serasera Vakinankaratra # Ascut Atsinanana. 14:15-H-Gnbc Analamanga # Usf Matsiatra Ambony.

***Rainilita***




*Ny mpilalao basket-ball vehivavy avy any Vakinankatra, miatrika ny fifaninanam-pirenena.*

### Makis de Madagascar 3 tonta

## Tafaverina an-tanindrazana tamin'ny talata

Tafaverina an-tanindrazana tamin'ny talata 13 jolay 2021 teo, ireo mpilalao rugby Malagasy : Makis 3 tonta, avy niatrika fifaninanana tany Côte d'Ivoire sy tany Kenya. Noho ny fanajana ny hamehana ara-pahasalamana eto amintsika dia avy hatrany dia namonjy ny fiara nitondra azy ireo, ka nihazo ny Kianja Makis Andohatapenaka, izay toerana hanaovany ny fihibohana. Tsiahivina ireo vokatra azon'ny 3 tonta tamin'izany : -U20 lehilahy : tompondaka lefitra nandritra ny "Afrika Trophée Barthez". Senior lehilahy : laharana faha-3 tao amin'ny Vondrona A nandritra ny fiadina ny ho tompondaka an'i Afrika lehilahy ( RAC 2021). Senior vehivavy, nibata ny amboara nandritra ny "Rugby Africa Women's Cup", izay nametraka azy ireo eo amin'ny laharana faha-27 maneran-tany.



*Ny Makis tonga teny Ivato.*

***Rainilita***

### Telma Coupe de Madagascar 2021

## Hitohy anio sy amin'ny zoma ny 1/16-dalana

Hitohy anio alakamisy 15 jolay 2021 sy rahampitso sabotsy 16 jolay 2021 ny fifaninanana baolina kitra "Telma Coupe de Madagascar" lalao 1/16-ndalana : anio alakamisy 15 jolay 2021 - Antananarivo : Elgeco Plus Analamanga (Pro League) # Ne Foot Analamanga ; Cffa Analamanga # Ffam Amoron'i Mania ; Cs-Dfc Vakinankaratra (Pro League) # Oba Ampefy Itasy ; Uscafoot Analamanga (Pro League) # Santos Mah Fc Bongolava ; Cosfa Analamanga (Pro League) # Ufa Sab Nam Analamanga ; As Adema Analamanga (Pro League) # Fc Az Amoron'i Mania). Amin'ny sabotsy 17 jolay 2021-Mahajanga : Fco Boeny # Five Fc Analamanga (Pro League) ; Jem Boeny # Ajesaia Bongolava (Pro League). Fandriana : Fisakana Fc Amoron'i Mania # Fci Ihorombe.



*Ekipa anisan'ny miatrika ny Telma Coupe de Madagascar 2021 eo amin'ny baolina kitra.*

***Rainilita***

SAVOROVORO FANIDIANA FIANGONANA

# Tapaka fa homena tany ny Pasiteran'ny FJKM Amboahangibe Sambava

AMBOANGIBE distrikan'i Sambava, faritra Sava, fanapahankevitry ny komity ny hanomezana tany ny Pasitera handeha hisotro ronono, izay nisy andian'olombitsy mitady hampizarazara, ka nanidy fiangonana.

Pasitera nahavita be tamin'ny asan'Andriamanitra, efa miomana handeha hisotro ronono no nanaovan'ireo mpino vitsivitsy izay nisandoka ho birao fitandremana FJKM, nitarika savorovoro tao Amboangibe Bemarivo Sambava ny alahady teo.



Olom-bitsy nanakorontana tao amin'ny FJKM Amboahangibe Sambava.

Tsy ny pasitera sanatria no nangataka tokontany, fa fanapahan-kevitra noraisin'ny komity hatrany amin'ny Paroasy eo amin' ny Fiangonana FJKM, no nanaiky ny handeha hanomezana izany, mba hanaovany trano fonenany, izay tsy hahavaly na dia kely ny asa fanompoana nataony hatramin'izao fanomanana ny faha 25 taonan'ny jobiliny izao. Rehefa izay ny zava-nisy dia efa nisy mpino vitsy nanohitra izay zavatra izay ary izy ireto nitarika iny tranga mampalahelo fanidiana fiangonana iny. Amin'ny maha-mpitandrina sy maha-mpiandry ondry azy anefa dia tsy nametraka olana ny amin' izany rehefa nisy nitsivalam-pandry, ka nijoro teo anatrehan'ny Fiangonana izy nangataka fifonana, mba hamela ny helony raha toa ka tsy mendrika azy izany, FA SAINGY mbola tsy nety nandray izany fifonana izany foana ny andian'ireto mpino iray fanantenana ao amin'i Tompo ireto. Fa mila te hitarika fikorontanana sy fampisaraham-bazana mandrakariva. Koa rehefa izay dia voatery niroso tamin'ny fitsipika mifehy ny Fiangonana ary nanomboka ny fanesorana ireo mpanakorontana te hanao tsiparifary ireto tsy ho isan'ny mpiandry sy katekista intsony sao hanala baraka ny zanak'Andriamanitra ary tsy mpikambana ao amin'ny birao intsony izy ireo, nanao izany ny komitim-piangonana.

Mbola izay anefa no nentin'izy ireo nanaovana fangatahana hanao iny fitokonana izay efa nosakanan'ny tomponandraiki-panjakana avy amin'ny prefektiora iny, kanjo nanaitra, fa nomen'ny ben' ny tanàna lefitra tao Amboangibe fahazoan-dalana ihany. Fa ny tena mampalahelo dia fomba ahoana no ahafahana mandroaka olona iray teratany Malagasy tsy hanan-jo honina amin'ny vohitra iray amin'ity Madagasikara ity?

Fehiny araka ny vaovao voaray: ny synôda no mametraka ny Pasitera iray dia izy irery ihany koa no afaka mamindra izany an-toeran-kafa, raha tonga ny fotoana, fa tsy amin'ny alalan'olom-bitsy tahaka izao, hoy ny prezidà synôdaly Totozafy mpitandrina omaly.


**Niaina**

Masoivoho Amerikana

# Hanampy ny Oniversiten'i Fianarantsoa

Hanampy ny Oniversiten'i Fianarantsoa ny masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara, fantatra izany nandritra ny fitsidihana nataon'ny Masoivoho amerikanina tany an-toerana. Nitsidika ny Oniversiten'i Fianarantsoa tamin'ny fomba ofisialy ny solontenan'ny Masoivoho amerikanina, Ryan BRADEEN, "Public Affairs Office", ny talata teo. Nandinika momba ny tetikasampiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta ity farany sy ny ekipan'ny Oniversiten'i Fianarantsoa, notarihin'ny Filoha Profesora RAFAMANTANANTSOA Fontaine. Maro ireo tetikasa kasain'ny roa tonta hampandrosoana ny Oniversite, indrindra hanampiana ny mpianatra sy ny mpampianatra, hanatsarana ny fampianarana eo anivon'ny Oniversite hivelatra amin'ny Oniversite sy firenena hafa any ivelany mampiasa ny teny anglisy (pays anglophones) ary hamaly ny filàn'ny fivoaran'ny teknolojia ankehitriny. Toy ny fandraisana ireo vahiny rehetra mandalo mitsidika ny Oniversiten'i Fianarantsoa, ho tohin'ny dinikasa dia nisy ny fitsidihana ny "campus" nanehoana ireo ivontoerana isan-karazany misy, sy ireo foto-drafitr'asa efa mitsangana. Afa-po tamin'ny fihaonana ny roa tonta ary samy manantena, fa hitondra fampivoarana tokoa ho an'ny rehetra sy ho an'ny firenena malagasy ny tetik'asam-piaraha-miasa.

**Stefa**


Ny fitsidihan'ny solontenan'ny Masoivoho Amerikana tany Fianarantsoa.

Raikely tsy vanona

# Nanolana nahafaty zana-badiny zazavavikely 8 taona

Tranga mampalahelo no nitranga tany Fianarantsoa, Raikely tsy vanona, nanolana nahafaty ny zana-badiny zazavavikely vao 8 taona monja. ANDONIAINA STEPHANIE, handray 08 taona amin'ny faran'ity volana jolay ity, nindaosin'ny fahafatesana noho ny fanolanana nataon'ny raikeliny azy. Ny alatsinainy hariva tokony ho tamin'ny 6 ora, ka hatramin'ny 7 ora sy sasany teo, tsy tao an-trano fa nandeha niantsena sakafo hariva, sy natsaka rano ny renin'i Stephanie no nitranga ny fanolanana natao an'ilay zaza.


Ilay zazavavikely maty naolan'ny Raikeliny.

Tsy niresaka tamin'ny reniny i Stephanie nandritra iny alina iny, saingy gaga ihany ny reniny raha nahita azy nikakà (nangery) efa ho in-telo nandritra ny alina.

Nofohazin'ilay ramatoa ny vadiny izay tsy niraika akory raha naheno ny nahazo an'i Stephanie.

Namoy ny ainy omaly tolakandro ity farany ary nandritra ny fampandroana ny razana no nahitana fa nisy rà nivoaka ny vavany sy ny orony ary ny fivaviany. Hita tao an-trano ihany koa ny lambam-pandriana nisy rà sy tay nandritra ny fanolanana.

Nampandrenesana avy hatrany ny Polisy tao Ampasambazaha, izay nidina tany an-toerana nisambotra ilay raikely nahavanon-doza.

Omaly hariva dia niampy olona iray no voasambotra, ahiana ho nandray anjara tamin'ny fanolanana niaraka tamin'ilay raikely ihany koa.

Mendrika ho saziana faran'izay mafy ny nahavanon-doza, raha ny nambaran'ny mpiara-monina amin'i Stephanie.

**Stefa**

Orinasa Jirama

# Tsy handefitra amin'ireo manimba ny foto-drafitrasany

Tsy handefitra amin'ireo manimba ny foto-drafitrasany ny orinasa Jirama, misy ny fanambarana avy amin'izy ireo mahakasika izany: "tato ho ato dia maro ireo olona minia mampiasa amin'ny fomba tsy ara-dàlana sy manimba ny fitaovan'ny orinasa JIRAMA, indrindra indrindra ny halatra herinaratra amin'ny fomba maro isankarazany. Ireo no anisan'ny mitarika ny tsy fahampian'ny vokatra herinaratra ho an'ny mpanjifa ara-dàlana, sy miteraka fahasimbana sy fahatapahanan-jiro matetika. Etsy andaniny dia misy ihany koa ireo misandoka ho mpiasan'ny JIRAMA, ka manery sy mitaky vola amin'ny fanatanterahana ny asa sy ny fametahana fitaovana tsy an'ny orinasa akory, na dia maro aza ireo efa tratra sy voafonja. Noho izany ny orinasa JIRAMA dia mampandre sy mampahafantatra ny be sy ny maro, fa hisy ny fidinana ifotony, mba hamongorana ny asa ratsy rehetra. Ary mampitandrina ireo izay mbola minia manao fihetsika amin'ny fanimbana ny orinasa, fa handraisana fepetra hentitra araka ny lalàna izy ireo. Raha misy tranga mampiahiahy miseho dia iangaviana isika hampandre ny JIRAMA amin'ny serasera-pifandraisana : Facebook : jirama ofisialy. Mail : service-client@jirama.mg. Téléphone : 3547. Na hanatona mivantana ny JIRAMA eny Manakambahiny ».

**Niaina**



Ny foiben-toeran'ny orinasa Jirama eny Faravohitra.

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao momba ny fifandraisana eo amin'ny filoha Rajoelina, sy Mamy Ravatomanga.
Raha ny resaka mandeha dia efa tsy mifanaraka in-tsony Rajoelina sy Ravatomanga,
kanefa ity mpandraharaha malaza ity dia anisan'ireo mpanohana mahafatra-po an'i Andry RAJOELINA teo amin'ny sehatry ny politika, hatramin'izay.
Izany hoe manomboka miala tsikelikely amin'Ingahy Rajoelina ve ireo olona tena akaiky azy ?
Inona no mety ho antony ? ny ady an-trano isan-karazany eo anivon'ny Mapar moa izany efa tsy lazaina intsony. Saingy ny olana dia lasa misy fian- traikany be amin'ny fitantanana ny firenena ilay izy, ny fiainam-bahoaka moa efa tsy mandeha amin'ny tokony ho izy intsony amin'izao, ny fampanantenana natao tsy misy tanteraka.

**Rahary Malala**
**Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 03/07/2021 hatramin'ny 10/07/2021**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78 / 032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07 / 034 22 222 07 / 033 85 991 20 / 032 24 705 51
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17 / 033 05 207 17 / 034 05 207 17 / 032 05 207 17
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81 / 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com

NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1185-07-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

JONO LANGOUSTES FORT-DAUPHIN

# 7 volana tsy nahazo karama ny mpiasan'ny URL

7 volana tsy nahazo karama, fijaliana ankehitriny ny mahazo ireo mpiasa ao amin'ny URL : Unité de Recherche Langoustière any Fort-Dauphin faritra Anôsy. Sampana iray ao amin'ny ministeran'ny Fambolena, ny fiompiana ary ny jono . Ampolony izy ireo no manodina ity URL ity. Tao anatin'ny 7 volana izay, fijaliana no mahazo ireo mpiasa. Tsizarizary ny sakafo, tsy mandeha amin'ny laoniny ny fianaranjaza. Ny hohanina anio tadiavina androany. Manao antso amin'ny tomponandraikitra izy ireo, mba hahaha ny olana. Marihina fa direksiôna misahana ny oratsimba na ny langoustes any Taolagnaro ny URL.



***ROM/Farady***

Andina Ambositra

# Lasa varo-boba ny voatabia

Mikaikaika ireo tantsaha mpamboly any amin'ny kaominina Andina, distrikan'Ambositra, faritra Amoron'i Mania amin'izao fotoana, satria lasa varoboba ny vokatra voatabia any an-toerana.
Miantso vonjy ny tantsaha. 2000 ariary sisa ny vidin'ny voatabia 1 garaba amin'izao volana jolay izao. 8 ka hatramin'ny 10 kilao anefa ny ao anatiny. Fatiantoka be ho an'ireo mpamboly izany, satria efa ho 4000 ariary ny kilaon'ny zezika ampiasaina. Simba am-pitoerana fotsiny arak'izany ireo voatabia any amin'iny toerana iny. Ho an'ireo mpanaraka vaovao toekarena, fametrahana orinasa hanodina ny vokatra no vahaolana maharitra.

***Aly***



***Vokatra ny voatabia any Andina Ambositra, ny vidin' ny anefa no latsaka ambany.***

Ambohimlaza Sambava

# Nihetsika ny mponina, notapahan'ny kaominina ny rano

Nihetsika ny mponina any Ambohimalaza Sambava faritra Sava, satria notapahan'ny kaominina ny ranon'izy ireo. Raikitra arak'izany ny fitokonana, mitaky ny hamerenana ny rano fisotro madio izay notapahan'ny ben' ny tanàna any an-toerana sy ny ekipany.
Tokantrano miisa 86 amin'ny 150 no efa tapaka efa ho herinandro teo izay ny ranony, tsy nisy teny fierana taminay ary nanimbana ny fitaovana lafo vidy izay nampidiranay rano hoy ireto mponina ireto.
Ny avy amin'ny sampandraharaham-panjakana amin' ny rano moa nilaza fa naharay fitarainana avy tamin'ny mponina niaraka tamin'ny ben'ny tanàna, fa hatramin'ny taona 2006 nisian'ny "robinet" teto dia tsy mba nisitraka izany ny fokontany Bekona izay misy an'ny ben'ny tanàna ankehitriny. Koa rehefa nataon' ireo teknisianina ny mety nahatonga izany dia tsy mifandanja amin'ny filana ny zava misy, betsaka ny nisintona rano any amin'ny tokantranony, ka ny vahaolana hita dia tsy maintsy notapahana izay mandeha any an-tokantrano fa ny eny amin'ny "borne fontaine public" sisa no alefa dia amin'izay samy misitraka izany ny tsirairay.
Izay fandaminana izay no tsy nazavaina tamin'ny vahoaka mialoha ka niteraka izao fihetsiketsehena izao.

***Niaina***





***Ny sora-baventy nataon'ny mponina tany Ambohimalaza Sambava.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 356**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0355)

***Mitsivalana***
- Farafara
- Isa – Eny
- Nahita
- Riba
- Lainga (miv)
- Nial(a) – Ala
- AS – Havia (miv)

***Mitsangana***
- Finoana
- Asa – Gis(a)
- Rahona
- Ila
- Fetra
- Valiana (miv)
- Ry – La
- Hatao (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 356




**Mitsivalana**
**1.** Fanambadiana ofisialy - Oroka **2.** Ao amin'ny Baibily - Aro moka **3.** Ao anaty vava - Fanaon'ny razana **4.** Bibikely (miv) - Ao amin'ny Pipa **5.** Kilalaon-tsaina (miv) - Esory (miv) **6.** Saka - Soa (miv) **7.** Potika (miv) - Zava-maranitra (miv) **8.** Antoka - Mpanondro **9.** Reny niteraka **10.** Heloka (miv) - Fofotenin'ny mamaofy

**Mitsangana**
**A.** Zavatra tsy marina - Varahina, volafotsy **B.** Fanafody - Faly **D.** Asa fanamboarana hazo - Tsirin-teny Mpanao **E.** Aminy - Entina maneho (miv) **F.** Fiandohan'ny taona - Ao amin'ny Boky - Tsofoka **G.** Naoty - Tonony miaraka (miv) **H.** Toonandro **I.** Tovona (miv) - Lavitra tsy hita toerana - Mitempo **J.** Menarana **K.** Aro tongotra (miv) - Mahantra

### Valiny Teny mifanaraka 0355

**Mitsivalana**
**1.** Rongony - Do **2.** Ara - Roa (miv) **3.** Nanomezana **4.** Osa - AN **5.** Miantoka **6.** La - Rano **7.** Niampy - Ela **8.** Manaitra (miv) **9.** Zaitra (miv) - Ay **10.** Ota - Siansa

**Mitsangana**
**A** Ranomena **B.** Ora - Tary (miv) **D.** Nangalatra **E.** Namit(a) **F.** Tompo (miv) - Pais(o) **G.** Esorinay **H.** Zaka - Aza **I.** AA - Mena (miv) **J.** Dona - Lo (miv) - AS **K.** Orana - Avia

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny Filoha Ravalomanana nihaona tamin'ireo mpitarika ny mpanohitra tao Bel Air ny talata teo.














## TOLOTR'ASA

Orinasa iray mitady mpiasa :

1) **commercial miisa 2,**
2) **Olona mahay informatique sy bureautique miisa 1,**
3) **Comptable miisa 1,**

**Fepetra ho an'ireo olona ho raisina hiasa ireo :**

- **Olona manana certificat de travail,**
- **Manana mari-pahaizana Licence,**
- **Mahay miresaka amin'ny clients tsara,**
- **Mahay teny Frantsay tsara,**
- **Tsara ihany koa raha mahay teny Anglisy (l'anglais serait un atout)**

CONTACT RAPIDE:
032 60 201 10
Nova - Ivato